


# FOMBA FAMBOLENA LEGIOMA

## Inona avy ireo sokajina voly legioma?





## Inona avy ny filàn'ny légioma araka ny sokajiny?




| | Legioma raviny<br>Oh : salady, laisoa | Legioma voa<br>Oh : voatabia, koro-gety | Legioma voany<br>Oh : tsaramaso, pitipoa | Legioma mamody<br>Oh : ovy, karoty |
|---|---|---|---|---|
| N<br>Fitombon'ny tahony sy ny ravina | +++ | ++ | ++ | ++ |
| P<br>Famoniana sy fiforonan'-ny voany | + | +++ | +++ | ++ |
| K<br>Fitombon'ny vodiny sy ny fakany | ++ | ++ | ++ | +++ |

## Nahoana ilaina ny fifandimbiasam-boly sy fampivadiam-boly eo amin'ny famokarana legioma ?

- Mba hiarovana amin'ny aretina sy ny bibikely ;
- Fitantanana ireo sakafo ao anaty tany ;
- Mitombo ny vola miditra ;
- Misy ireo voly afaka mifanampy : manome zezika, miaro @ bibikely, manome alokaloka...




## Inona avy ireo tombotsoa avy amin'ny voly legioma?


- Fidiram-bola malaky
- Miantoka ny hery fiarovana eo @ vatan'ny olombelona ny fihinanana legioma
- Sakafo ara-pahasalamana satria ahitana loko maro indrindra ny legioma
- Azo atao ny mamboly legioma mandava-taona nefa tsy maintsy mifanaraka @ toetr'andro ny karazam-boly atao

## Inona avy ireo fomba famafazana azo atao?

### Famafazana mandalo « pépinière » (voa madinika) (laisoa, voatabia, felika,..)



### Fafy raikitra na latsa-boa (voa vaventy)




Fafy mitsotokotoko



Fafy saritaka





Fafy manara-tady

## Ahoana no fomba fanomanana ny pilasy?




amin'ny **fahavaratra** amin'ny **main-tany**

## Ahoana no atao reha mamboly felika amin'ny tany misolampy?



Ny fisian'ireo lalan-kely matetika dia mametra ny fikaohan'ny riaka

Voafetra ny fikaohan-driaka raha mifanohitra amin'ny fisolampin'ny tany ny fitodiky ny pilasy

## Inona avy ireo fomba fitondrana zezika?

Mifanety ny voly (karaoty, tongolo,...) | Manara-tsipika ny voly (petit-pois, haricot vert,..) | Mielanelana ny voly (voatabia, laisoa,...)



Aparitaka amin'ny tanimboly ny zezika | Asiana zezika manaraka ny soritra | Asiana zezika anaty lavaka

## Ahoana no fomba famindrana ireo ketsa?

<u>Azo fantarina ny fotoana hanaovana ny famindrana, amin'ny alalan'ny :</u>

**Isan'ny ravina** | **Haavony** | **Havaventin'ny tahony**




(oh : laisoa 3 na 4 ravina) | (oh : voatabia) | (oh : tongolo)



## Inona avy ireo fomba fikarakarana mila atao?

- Fitondrana zezika fikojakojana : zezika raonony (1 na 2 isak'herin'andro) ;
- Fanohanana ny voly na « tuteure » oh : voatabia, petit pois, concombre,,,;
- Fanondrahana. Tsara ny manao rakotra mba mampihena ny fientonan'ny rano sy mitahiry ny hamandoana ;
- Fiavanana, fanalana ny matevina toy ny @ karoty (5 sm no tokony elanelam-potitra) ;
- Fiarovana amin'ny aretina (jereo ny bache ady gasy)




Conception et crédits photographiques :

Version v2